# Fampianarana mikasika ny lalàn'ny Mpamonjy momba ny fahafolonkarena

Halalino ireto loharanom-pahalalana manaraka ireto, ka tadiavo ny zavatra mety hanosika anao na ny hafa hankatò ny lalàn'ny fahafolonkarena.

Soratra masina:

Malakia 3:8–10; Jaona 7:17; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 119:5–7

Fanambarana sy loharanom-pahalalana hafa:

Ny Filoha Steven J. Lund, Filohan'ny Zatovolahy maneran-tany dia nampianatra hoe:




Rehefa mandoa fahafolonkarena feno ny zatovo dia manorina rohim-pihavanana amin'ny Ray any An-danitra izay mitoetra izy ireo. Isaky ny mankatò izany didy izany izy ireo ary mandoa izany, dia misy rohim-pahafoizan-tena sy fifandraisana vaovao miforona. (Steven J. Lund, "Seminera sy Institiota ary ireo zavatra hafa izay mahomby" [lahateny natao nandritra ny fampitana ny fiofanana fanao isan-taona an'ny Seminera & Institiota, 27 jan. 2023], broadcasts.ChurchofJesusChrist.org)

Ny *Ho zatovo mahery!: Torolalana amin'ny fanaovana safidy* dia manoro hevitra hoe:

Asehoy ny fitiavanao an' Andriamanitra amin'ny alalan'ny fitandremana ny didiny. . . .

. . . Rehefa mifady hanina sy mandoa fahafolonkarena sy fanatitra ianao dia maneho amin' Andriamanitra fa manan-danja kokoa aminao mihoatra ny zavatra eo amin'ny lafiny ara-batana ny asany. (*Ho zatovo mahery!: Torolalana amin'ny fanaovana safidy* [2022], 11–12)

Nanontany ny Loholona Stanley G. Ellis raha mbola tao amin'ny Fitopololahy hoe:



Manana *finoana* mba hatoky ny fampanantenan'[ny Tompo] momba ny fahafolonkarena ve isika fa metimety kokoa ny fiainantsika miaraka amin'ny 90 isan-jaton'ny vola miditra amintsika *miampy ny fanampian'ny Tompo* toy izay ny 100 isan-jaton'ny vola miditra amintsika isan-taona *ary miady irery isika*? (Stanley G. Ellis, "Matoky Azy ve isika? Tsara ny zavatra sarotra," *Liahona*, nôv. 2017, 114)

Nampianatra toy izao ny Loholona David A. Bednar ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Matetika isika rehefa mampianatra sy mijoro ho vavolombelona mikasika ny lalàn'ny fahafolonkarena dia manamafy ilay fitahiana ara-nofo mivantana sy misongadina ary mora hita izay azontsika. Ary azo antoka fa tena mitranga izany fitahiana izany. Saingy ny sasany amin'ireo fitahiana samihafa azontsika rehefa mankatò izany didy izany isika dia lehibe saingy misoko mangina. . . .

Ohatra, ny fitahiana iray lehibe saingy misoko mangina azontsika dia ny fanomezam-pahasoavana ara-panahin'ny fahaizana mankasitraka izay manome fahafahana ny fankasitrahantsika izay ananantsika hamolavola izay zavatra iriantsika. . . .

Mety mangataka amin' Andriamanitra mba hanome antsika fahombiazana isika indraindray, kanefa tanjaka ara-batana sy ara-tsaina no omeny. Mety hangataka fanambinana isika, ary hahazo fomba fijery mivelatra sy faharetana bebe kokoa. (David A. Bednar, "Ny varavaran'ny lanitra," *Liahona*, nôv. 2013, 17–18)

I Mary Fielding Smith dia vady navelan'i Hyrum Smith ary renin'ny Filoha Joseph F. Smith. Rehefa nisy olona nilaza fa mahantra loatra izy ka tsy afaka mitandrina ny lalàn'ny fahafolonkarena dia namaly izy hoe:

Handà fitahiana ho ahy ve ianao? . . . Mandoa ny fahafolonkarenako aho, tsy hoe satria lalàn' Andriamanitra ihany izany, fa satria manantena fitahiana amin'ny fanaovana izany aho. (Mary Fielding Smith, teny nindramin' i Joseph F. Smith, tao amin' ny Conference Report, Apr. 1900, 48)

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_412-1